ANJOZOROBE

Tsy namono olona izany ny zandary hoy izy ireo

Manoloana ny fanehoana sy fizarana vaovao tsy marina izay nataon'olona mitondra ny kaonty hoe "Assimi Marley" tao amin'ny tambazotra Facebook, izay manambara fa namono olona indray ny zandary tany Anjozorobe dia tsara ny mitondra izao filazana manaraka izao hoy ny fanambarana :

Tsy marina fa namono an'ilay Ramatoa ireo zandary, izay nanao asa fisamborana jiolahy. Ny Lieutenant Lazare rahateo dia tsy isan'ny tany an-toerana fa niasa taty Antananarivo. Io ramatoa io izay tsy iza fa Ravaozanany Julienne dia renin'ireo jiolahy atao hoe Trôfa sy Belouis izay nampiantranoiny ny alin' ny 05 aogositra.

Rehefa natao ny fisamborana ireo jiolahy vao mangirandratsin'ny 06 aogositra dia nitifitra avy hatrany ireo jiolahy; namaly tifitra ireo zandary ary voa tamin'izany Ramatoa Julienne, izay niara- nandositra tamin'ireo dahalo rehefa avy nitifitra. Efa nomena fitsaboana izy ary mitohy ny famotora-na.

Marihina fa ireo jiolahy ireo dia tarik'i Delkely ary efa nokarohina nanomboka ny taona 2019, nanao asan-dahalo sy asan-jiolahy.

- Ireo no nitifitra nahafaty ny zandary antsoina hoe G1C AMBY Cyrius, niasa tao Antanetibe Anativolo niseho ny 24 desambra 2019;
- mpiara-manao fanafihana sy fakana an-keriny niaraka tamin'i Delkely sy ny namany toy nitranga tao Marotsipoy ny faran'ny taona 2019 ihany;
- isan'ny nandray anjara mivantana tamin'ny fakana an-keriny nitranga tao amin'io tanàna Ambohimanarivo io ihany koa tamin'ny jolay lasa teo, ary nahafatesana olona mihitsy aza.

Mitohy ny famotorana, ny Zandarimaria dia tsy mamono olona fa MIARO VAHOAKA SY NY FANANANY. Ny olona mpiray tsikombakomba amin'ny dahalo dia olon-dratsy, ka na ramatoa izy na efa nahazo taona izy dia tsy hitserana. Mirary fahasitranana ho azy.

Misy Manamboninahitra hafa naidina any an-toerana manaramaso ny asa atao any an-toerana.

Ny Zandarimaria dia miezaka miaro ny vahoaka eny ifotony, na dia mihàtra aman'aina aza izany indraindray rehefa mifanehitra amin'ny dahalo;

Miezaka ihany koa manatanteraka ny asa aman' andraikitra ampahamendrehana sy araka ny lalàna velona ary paikady mifanaraka amin'ny toejava-misy eny an-tsehatra;

Tsy ny fanaratsiana sy fanehoan'olona eto amin'ny tambazotra Facebook akory no hampihemotra ny ezaka atao.

Raha misy trangan-javatra toa izao dia tsy maintsy misokatra ny famotorana, ka ampiharina ny lalàna.

Misy ny Sampan'asa azo hitarainana raha mahatsapa fihoaram-pefy ataon' ny zandary dia ny "Service de traitement des doléances", izay azo ifanoratana ao amin'ny kaonty Fb "Doléances gendarmerie - officiel" na laharana finday 0341200525; ny Zandarimaria rahateo dia ao anatin'ny fanadiovana anatiny ankehitriny.

Efa misokatra ny famotorana izay anenjehana izay namoaka vaovao diso sy ireo izay nizara izany.

Stefa

Synoda lehibe faha-19 ny FJKM any Sambava

Hahafantarana izay ho filohan'ny FJKM sy ireo mpiandraikitra foibe

Nosokafana tamin'ny fanompoam-pivavahana ny synôda lehibe faha19 ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM), izay atao any Sambava faritra Sava. Haharitra herinandro ity fivoriana ity, ka ho fantatra amin'izany izay ho filohan'ny Fjkm sy ireo biraon'ny mpiandraikitra foibe ary ireo mpikambana ao amin'ny mpiandraikitra foibe Fjkm ihany koa. Raha tsiahivina, dia vory lanona any an-toerana ireo mpitandrina sy laika hiatrika ity synôda lehibe avy amin' ny lafivalon'ny nosy ity. Mitarika ny fotoana any an-toerana ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, izay mbola filoha am-perin'asa. Andrasana arak'izany ny tohin'ny vaovao momba ity synôda lehibe any Sambava ity, natomboka tamin'ny fom-ba ofisialy omaly Alarobia.

Ny tanànan'i Sambava, mandray ny Synôda lehibe ny fiangonana FJKM.

Rajo

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao :

maninona hatramin'izay 60 taona izay tsy nidangana be ohatr'izao ny vidimpiainana?

-Ny VALINY DIA voafehin'ny Fanjakana rehetra teo aloha izy (na ni couvré- ny na asiany subventions hatrany am-potony) dia mba stable eo ihany ilay vidinjavatra...

- Fa maninona izao no tsy Voafehin'ny fitondrana Rajoelina intsony izany vidin-javatra izany, dia ahilika amin'ianona sy ianona daholo ny rihatra...

irresponsable , incompétent ny fitondrana Rajoelina ankehitriny.

- NY VALINY dia tsy nivakiana loha mihintsy sady tsy noraharahiany ny Vahoaka, na efa maro aza no matin'ny hanoanana sy tsy mahavita mividy sakafo intsony....

Rehefa tsy hi-assumé ny Tsy Fahaizana fa Tsy Voafehinao ny mitondra firenena dia aza ahilika amin'ny Olona hafa. Fa ianao FILOHA no "tsy mahay mizara andraikitra" Fihinina ho eo ampelatananao irery daholo na mitsena entana kely tonga eo Ivato na hatramin'ny mizara fotsimbary kely, na mitokana zavatra madinika aza...

- Ny Ministres na ny DG na SG tokony hanao an'izay, tsy Omena andraikitra dia lasa miraviravy tanana.

-Izao efa kenda ny PPN en Général misavoana efa ho 200% na 300% ny inflation en général dia hoe tsy zà ... tsy zà...

Gaël Patrick Andrianomearisoa
Mpamaky gazety Ny Valosoa

Raim-pianakaviana mpanitsakitsa-bady

Nitondra faisana raha tsy voakarakara haingana

Injeniera mpanao làlana ranamana ary manam-bady aman-janaka aty Antananarivo. Tany Mahajanga izy no niasa ary tsy tafody raha tsy isam-bolana ihany. Tonga indraindray monja ny vadiny. Rehefa ela ny ela dia nahazo sipakely ranamana ary niaraka mihitsy. Nilamina aloha tao anatin'ny telo volana, fa vao nikasa hody ity injeniera ity dia marary. Vao mba sitrana kely anefa dia miverina indray dia toy izany hatrany. Vao hoe hiverina hiasa anefa dia sitrana. Ny niafarany aza dia nalemy mihitsy ilay rangahy. Nanatona mpitsabo ny fianakavian'ity rangahy ity, satria tamin'ny gazety an-tsoratra no nahitan'izy ireo fa misy mpitsabo mahay mikarakara olona mitovitovy olana amin'ity rangahy ity, ka niantso an'i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato 0338739541. Nambaran'ity mpitsabo ity, fa tratry ny manaramody ny lehilahy satria tsy zakan'io sipakely io ny hiverenany amin'ny vady aman-janany, ka naleony namosaviana , amin'izay mantsy dia sady tsy azy, no tsy an'olona ihany koa. Tsy vitan'izany fa sady manonofy ratsy foana isak'alina ary tsy mahita tory fa mivadibadika fotsiny izao. Vao nahazo ity mpitsabo ity anefa ny vadiny dia nivoaka teo ny marina, ka nasaina nentina notsaboina teny aminy. Notrorin'ity mpitsabo ity tamin'ny menaka manokana aloha ilay rangahy, avy eo dia nampisotroiny rano ihany koa. In-telo niverina teny aminy monja ilay rangahy dia nahatsangana ary foana ihany koa ny nofy ratsy isak'alina. Teo vao niaiky izy fa nisy tovovavy tokoa saika hivady taminy saingy nolaviny, ka io no namosavy azy. Fay tanteraka izy izao ary nilaza fa hanaja ny vadiny. Aza manenjika ny ratsy kosa anefa hoy ity mpitsabo ity, fa Andriamanitra irery ihany no tompon'ny aina.

Namana

Lionel Messi

Tonga any Paris, hilalao amin'ny PSG

Tonga any Paris tamin'ny talata 10 aogositra 2021 lasa teo ilay kintan'ny baolina kitra Argentin Lionel Messi, izay nanao Sonia fifanarahana ta-min'ny ekipan'ny PSG mandritra ny 2 taona. Omaly alarobia 11 aogositra ny lehilahy no nanatanteraka valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety voalohany indrindra tamin'izao fahaton- gavany ao amin'ny ekipan'ny Paris-St Germain izao. Saika io fahatongavan'i Messi any Paris io avokoa omaly alarobia 11 aogositra no nanemitra ny lohatenim-baovan'ireo gazety mpiseho isan'andro any Paris, ka anisan'ny hita tao amin'ny lohateny lehiben'ny gazety l'Equipe ohatra ny hoe : "Ici c'est Messi".

Rainilita

Lionel Messi tonga tany Paris.